
VALANARETINA CORONAVIRUS

# 9 no lavo, 706 ny tranga vaovao

Tarehimarika nivoaka farany momba ny Covid-19, niampy 706 ny tranga vaovao, na ny olona voaramarina fa mitondra ny aretina eto Madagasikara afak'omaly 22 aprily. 706 ny tranga vaovao hita tamin'ireo 1897 nanaovana fitiliana teto Madagasikara ny 22 aprily 2021: 553 Analamanga, 27 Sofia, 7 Androy, 8 Betsiboka, 1 Itasy, 6 Ihorombe, 10 Anosy, 19 Analanjirofo, 1 Menabe, 21 Vatovavy Fitovinany, 11 Atsimo andrefana, 3 Sava, 5 Matsiatra Ambony, 14 Alaotra Mangoro, 6 Diana, 14 Atsinanana.




*Ny tarehi-marika nivoaka farany momba ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara.*

494 ireo sitrana, 9 kosa no namoy ny ainy noho ny aretina Covid-19 ny 22 aprily io ihany : 3 Analamanga, 4 Atsinanana, 1 Vakinankaratra, 1 Ihorombe. Tafakatra 588 ny olona matin'ny valanaretina Covid-19 hatramin' izay nidirany teto Madagasikara izay.

6535 ireo mbola manaraka fitsaboana ankehitriny, 397 amin'ireo no manana fahasarotana.

**Niaina**

Fitantanam-pirenena

# Tompon-trano mihono hatrany ny vahoaka

Ny manahirana lalina amin'izao fitondrana izao, dia ny tsy fisian'ny mangarahara eo amin'ny fitantanam-pirenena. Vao nokotrehina aza izy dia efa izany no « tsiro » natao ivelomany anaovana tiankano tsy tian-kano ny vahoaka raha ny fahitana azy. Dia samy talanjona ny rehetra rehefa nahita ny fidedahana sy fampisehoana natao teny amin'ny kianjaben'i Mahamasina tamin'ny fotoana nametrahana ny fitondrana taorian'ny filazan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), ny fahalaniany tamin'ny fifidianana ny faran'ny taona 2018. Naseho ireo fitaovam-piadina sy fiara mifono vy, ny fiara tsy mataho-dalana mainty vaovao ho an'ny filoha, tsy fanta-pihaviana ny nividianana azy ary tsy fantatra ny vola lany nividianana azy sy ny nivividy azy. Toy ny efa nomanina mialoha ireo, fa efa tsy maintsy ho lany ary ho tonga eo amin'ny toerana ny filoha ankehitriny tamin'izany fotoana izany. Tsy mandehandeha ho azy amin'izao izany, fa misy ketrika politika maloto ambadika. Noterena hanaiky ny zava-misy sy miseho fotsiny ihany ny vahoaka, fa tsy natao hahafantatra ny marina sy ny mangarahara rehetra momba izany.
Nitohy ihany izany tsy fangaraharahana teo amin'ny fitantanam-pirenena izany tato anatin'ny roa taona mahery izao. Nisongadina tao anatin'izany ny fitantanambola teo amin'ny fiatrehana ny covid-19. Be ny sehatra tsy mazava sy tsy fantatra marina tamin'ireo nanaovan'ny fitondrampanjakana fandaniana. Mitaky izany ny avy amin' ny mpanohitra kanefa miala maina hatreto tsy nahazo valiny. Ambara ho manakorontana indray aza izy ireo kanefa zony ny mitaky izany ary tena tokony ho ataony mihitsy satria tsy misy afaka hiteny ny olom-pirenena. Ny Fiarahamonim-pirenena aza efa mamaky bantsilana, hamonoany sofina fotsiny izao.
Politika efa nifanarahan'ireo mpitondra ve ny tsy hampisy mangarahara eo amin'ny seha-pitantanana ny firenena mandritry ny maha eo amin'ny fitondrana azy? Tsy nambarany tamin'ny vahoaka na ireo nifidy na tsy nifidy azy anefa izany tany am-piandohana, ary tsy nifanarahana. Endrika iray lehibe maneho ny fomba fiasan'izao fitondrana izao izany, dia ny haha tompon-trano mihono mandrakariva ny vahoaka. Any amin'ny mpanohitra sisa no mba hahitan'ny vahoaka mangirana kely momba izany, kanefa izao indray fa tampenam-bava izy ireo amin'ny haino aman-jery. Dia atao ve izany ny tsy hahalalan'ny vahoaka ny marina eto? Moa tsy fanabadoana ny vahoaka tsotra izao ve izany? Azo heverina anefa fa mbola hitohy io fomba fiasany io raha ny zava-misy ataony ankehitriny iaraha-mahita izao.

**Sôh'son**

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Tel. 034 79 076 00

Orange Pro League 2020-2021

# Eto Antananarivo no hatao ireo fifanintsanana ambiny

Araka ny fanapahan-kevitry ny CFEM dia ho tanterahina eto Antananarivo avokoa, eny amin'ny « Complexe Sportif Vontovorona», eny amin'ny « Elgeco Plus Stadium By Pass » ary eny amin'ny « centre technique national Carion, ireo lalao isam-bondrona Orange Pro League 2020-2021 rehetra mbola tsy vita, mialohan'ny hiatrehana ny "Playoff", ka ry zareo no miantoka tanteraka ny fivahinianan'ny ekipan'ny Fca Ilakaka sy ny 3Fb Toliara ary ny Tia kitra sy ny Fosa Juniors Fc, hanatanteraka an'izany fihaonana farany izany ary dia namoaka fandaharam-potoana nasiam-panitsiana ny amin'izany izy ireo: amin'ny 30 aprily : Fosa Juniors Fc # Elgeco Plus (Vontovorona) -03 mey : Fosa Juniors Fc # Tia Kitra Fc (Vontovorona) -03 mey : Fca Ilakaka # As Adema (Vontovorona) -06 mey : 3Fb Toliara # Cs-Dfc (Ctn Carion) -06 mey : Ajesaia # Fca Ilakaka (By Pass) -06 mey : As Adema # Uscafoot (Vontovorona) -07 mey : Elgeco Plus # Cosfa (By Pass) -07 mey : Tia Kitra Fc # Jet Kintana (Ctn Carion) -07 mey : Five Fc Fosa Juniors Fc (Vontovorona).



*Ekipa Orange Pro League Malagasy.*

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Trondro sy henakisoa misy lafika voanjobory indray no laoka, amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fanalana kambo na vontsy ireny

Fomba fanalana kambo na votsy ireny indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Voasy dia totoy ny tongolo be na oignon, na ny tongololay ( ail ) dia apetraho eo amin'ilay kambo, asio sparadrap avy eo dia ento matory.
Ny maraina vao esory. Raha mbola vao haingana ilay izy dia afaka indray alina, fa raha efa ela dia mety 3 alina eo vao afaka.
Manala vontsy na kambo ihany koa ny hoditra akondro: ilay anatiny iny. Avela alina tontolo eo ilay hoditr'akondro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Amboaboa, any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia

Ny tanànan'Amboaboa, any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Amboaboa, iray amin'ireo kaominina 22 mandrafitra ny distrikan'i Mandritsara ity tanàna ity. Lalovan'ny reniranon' Amboaboa izy, izay sampana avy amin'ny reniranon'i Mangarahara, izay mandalo kosa ny tanànan'i Mandritsara. Any amin'ny faritra atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 327 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamokatra vary Amboaboa, vokatra any koa ny haninkotrana isan-karazany.

